“Ny finoana dia mora, ary izay manenjana ny finoana dia ho resiny, koa avereno izany, ary manatòna

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ny finoana dia mora, ary izay manenjana ny finoana dia ho resiny, koa avereno izany, ary manatòna, manaova teny mahafaly, ary mitadiava fanampiana amin’ny maraina sy amin’ny atoandro, ary amin'ny alina".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny finoana silamo dia mifototra amin'ny fanamorana sy fahatsoarana ny raharaha rehetra, ary manamafy ny fanamorana rehefa misy antony mahatonga ny tsy fahafahana sy ny filana, ary ny fidirana lalina amin'ny asa ara-pinoana sy ny fialana amin’ny fahatsoram-po ny fiafaran'izany dia tsy fahafahana sy ny fampitsaharana ny asa rehetra na ampahany. Avy eo namporisika ny Mpaminany (S.A.W) fanaovana zavatra antoniny tsy misy fanitarana; ka ny mpanompo dia tsy tokony hanao latsaka amin’izay nandidiana azy, ary tsy tokony hizaka izay tsy zakany, ka raha tsy mahavita ny asa feno; dia manao ny asa izay vitany araka izay azo atao. Nanome vaovao tsara ny Mpaminany (S.A.W) momba ny valisoa lehibe ho an’ny asa maharitra, na dia kely aza izany, ho an’ireo izay tsy afaka miasa amin’ny fomba feno. Satria raha tsy sitram-pony ny tsy fahavitany, dia tsy manery ny fahabangan'ny valisoany izany. Koa satria ny fiainana eto an-tany raha ny marina dia toerana fandalovana sy fifindrana mankany amin'ny fiainana any ankoatra, nandidy ny Mpaminany (S.A.W) ny amin'ny fitadiavana vonjy mba hitohizan'ny fanompoam-pivavahana amin'ny fametrahana izany amin'ny fotoana telo : Ny voalohany : maraina: mandeha amin'ny fiandohan'ny andro; Eo anelanelan'ny vavaka maraina sy ny fiposahan'ny masoandro. Faharoa : Raoha : fandehana aorian'ny mitataovovonana. Fahatelo : Ny fahalalahana : fandehanana amin’ny alina manontolo na amin’ny ampahany, ary satria sarotra kokoa noho ny an’ny andro ny asan’ny alina, dia nandidy ny sasany tamin’izany izy ka nanao hoe : ary ny sasany kosa mihalalina.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5795